REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**MINISTERE DES MINES ET DES RESSOURCES STRATEGIQUES**
**MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES**

---

# ARRETE INTERMINISTERIEL N°12121/2022
# FIXANT LES MODALITES DE LA MISE EN PLACE DE L'EQUIPE DE RENEGOCIATION DU REGIME DOUANIER ET FISCAL DE LA CONVENTION D'ETABLISSEMENT CONCLUE ENTRE L'ETAT MALAGASY ET Qit Fer et Titane Inc.

## LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT

Vu la Constitution ;
Vu la Loi n° 98-002 du 26 janvier 1998 autorisant la ratification de la Convention d'Etablissement entre l'Etat Malagasy représenté par l'OMNIS et Qit Fer et Titane Inc pour la recherche et l'exploitation minière y compris la séparation, l'enrichissement et le traitement de minéraux existant dans les gisements de sables minéralisés de Fort-Dauphin, et l'exportation et la commercialisation des minéraux extraits de ces sables ;
Vu la Convention d'établissement du 12 février 1998 entre l'Etat Malagasy représenté par l'OMNIS et QIT Fer et Titane Inc. pour la recherche et l'exploitation minière, y compris la séparation, l'enrichissement et le traitement, de Minéraux existant dans les gisements de Sables Minéralisés de Fort-Dauphin, et l'exportation et la commercialisation des Minéraux extraits de ces Sables.
Vu la Loi n°99-022 du 19 août 1999 modifiée par la Loi n°2005-021 du 17 octobre 2005 portant Code minier ;
Vu le Décret n°2006-910 du 19 décembre 2006 fixant les modalités d'application de la Loi n°99-022 du 19 août 1999 modifiée par la Loi n°2005-021 du 17 octobre 2005 portant Code minier ;
Vu le Décret n°2019-1407 du 19 juillet 2019 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
Vu le Décret n° 2021-822 du 15 août 2021, modifié et complété par le Décret n° 2022-400 du 16 mars 2022 portant nomination des Membres du Gouvernement ;
Vu le Décret n°2019-093 du 13 février 2019, modifié et complété par le Décret n°2021-699 du 07 juillet 2021, fixant les attributions du Ministre de l'Economie et des Finances ainsi que l'organisation générale de son Ministère ;
Vu le décret n° 2021-688 du 30 juin 2021 fixant les attributions du Ministre des Mines et des Ressources Stratégiques ainsi que l'organisation générale de son Ministère ;
Vu la Communication verbale adoptée en Conseil des Ministres du 10 février 2021 approuvant la mise en place d'un groupe de discussion sur le projet QMM SA ;

**Sur proposition du Ministre des Mines et des Ressources Stratégiques** ;

## ARRETE:

**Article premier :** Le présent Arrêté a pour objet de fixer les modalités de la mise en place de l'équipe de renégociation des dispositions contractuelles et financières, notamment et sans s'y limiter du régime douanier et fiscal, de la convention d'établissement conclue entre l'Etat malagasy et Qit fer et Titane Inc et de ses actes connexes.

**Article 2 :** En application de l'article 21.8 de la Convention d'Etablissement conclue entre l'Etat Malagasy et Qit Fer et Titant INC, une équipe de renégociation interministérielle est mise en place en vue de la révision des dispositions contractuelles et financières, notamment et sans s'y limiter du régime douanier et fiscal applicable.

**Article 3 :** L'équipe de renégociation est composée d'un(e) :

- représentant (e) de la Présidence ;
- représentant (e) de la Primature ;
- représentant (e) du Ministère des Mines et des Ressources Stratégiques ;
- représentant (e) de la Direction Générale des Douanes ;
- représentant (e) de la Direction Générale des Impôts ;
- représentant (e) de l'OMNIS

**Article 4 :** Le présent Arrêté entre en vigueur dès sa signature indépendamment de son insertion au *Journal Officiel* de la République.

Fait à Antananarivo, le 26 AVR. 2022

**P. LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT**
Et par délégation,

**MINISTERE DES MINES ET DES RESSOURCES STRATEGIQUES**

RAKOTOMALALA Herindrainy Olivier

**MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES**

RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

-----------------------------------

**MINISTERAN'NY HARENA ANKIBON'NY TANY SY NY LOHARANON-KARENA STRATEJIKA**

**MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

---

**DIDIM-PITONDRANA IRAISAN'NY MINISTERA LAHARANA FAHA 12121/2022 MAMARITRA NY FOMBAFOMBA AMETRAHANA NY EKIPA HAMERENANA NY FANDINIHANA NY RAFITRY NY FADINTSERANANA SY HETRA MAKASIKA NY FIFANARAHANA NIFANAOVANA EO AMIN'NY FANJAKANA MALAGASY SY Qit Fer sy Titane Inc.**

**NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMENTA**

ArakanyLalâm-panorenana ;

Araka ny Lalàna laharana faha 98-002 tamin'ny 26 janoary 1998 manome alalana ny fanekena ny fifanarahana nifanaovana teo amin'ny Fanjakana Malagasy izay soloin'ny OMNIS tena sy Qit Fer sy Titane Inc. makasika ny fikarohana sy fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sy ny fisarahana, fampitaovana sy fikarakarana ny mineraly misy ao amin'ny toeram-pitrandrahan'ny fasika ahitana mineraly ao Faradofay, sy ny fitrandrahana ary famarotana ny mineraly azo avy amin'ireo fasika ireo ;

Araka ny Fifanarahana nifanaovana tamin'ny faha 12janoary 1998 teo amin'ny Fanjakana Malagasy izay soloin'ny OMNIS tena sy Qit Fer sy Titane Inc. makasika ny fikarohana sy fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sy ny fisarahana, fampitaovana sy fikarakarana ny mineraly misy ao amin'ny toeram-pitrandrahan'ny fasika ahitana mineraly ao Faradofay, sy ny fitrandrahana ary famarotana ny mineraly azo avy amin'ireo fasika ireo ;

Araka ny Lalàna laharana faha 99-022 tamin'ny 30 Aogositra 1999 novan'ny Lalàna laharana faha 2005-021 tamin'ny 17 Oktobra 2005 mitondra ny Fehezan-dalàna mifehy ny Harena an-kibon'ny tany;

Araka ny Didim-panjakana Laharana faha 2006-910 tamin'ny 19 Desambra 2006 mamaritra ireo fombafomba fampiharana ny Lalàna laharana faha 99-022 tamin'ny 19 Aogositra 1999 novain'ny Lalàna laharana faha 2005-021 tamin'ny 17 Oktobra 2005;

Araka ny Didim-panjakana Laharana faha 2019-1407 tamin'ny 19 Jolay 2019, manendry ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2021-822 tamin'ny 15 aogositra 2021, novain'ny sy nofenohin'ny Didim-panjakana laharana 2022-400 tamin'ny 16 martsa 2022 manendry ny mpikambana ao amin'ny Goverenementa ;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2019-093 tamin'ny 13 febroary 2019, novain'ny sy nofenohin'ny Didim-panjakana laharana faha 2021-699 tamin'ny 07 jolay 2021 mamaritra ireo anjara andraikitry ny Minisitry ny Toekarena sy ny Titantanam-bola ary ny fandaminana anakapobeny ny Minisiterany;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2021-688 tamin'ny 30 jona 2021 mamaritra ireo anjara andraikitry ny Minisitry ny Harena an-kibon'ny tany sy ny Loharanon-Karena Stratejika ary ny fandaminana anakapobeny ny Minisiterany;

Araka ny Fampitan-baovao noraisina tao amin'ny Filankevitry ny Minisitra ny 10 febroary 2021 izay manamarina ny fametrahana ny vondrona ifampiresahana eo amin'ny tetik'asa QMM SA ;

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Harena an-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika;**

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO**

**Andininy voalohany:** Ity Didim-pitondrana ity dia natao mba hamaritana ny fombafomba hametrahana ny ekipa hanao ny fandinihana ny rafitry ny fadintseranana sy hetra makasika ny fifanarahana nifanaovana eo amin'ny fanjakana malagasy sy qit fer sy titane inc.

**Andininy 2** : Ho fampiharana ny andininy faha 21.8 ao amin'ny Fifanarahana nifanaovana teo amin'ny Fanjakana Malagasy sy Qit Fer ary Titant INC, dia misy vondrona iraisan'ny Ministera no hatsangana mba hanao ny fifampidinihana ny rafitry ny hetra sy fadintseranana.

**Andininy 3 :** Izany ekipa izany dia ahitana :

- solontena avy amin'ny Fiadidiana ny Repoblika
- solontena avy amin'ny Fiadidian'ny Praiminisitra
- solontena avy amin'ny Ministeran'ny Harena an-kibon'ny tany sy ny Loharanon-karena Stratejika
- solontena avy amin'ny Sampandraharaha Foiben'ny Fadintseranana
- solontena avy amin'ny Sampandraharaha Foiben'ny Hetra
- solontena avy amin'ny OMNIS

**Andininy 4 :** Ity Didim-pitondrana ity dia manankery avy hatrany raha voa vantany vita sonia, ankoatry ny famoahana azy ao amin'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika.

Antananarivo, faha 26 AVR 2022

**NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMENTA,**
**araka ny fanomezam-pahefana**

**MINISTERAN'NY HARENA ANKIBON'NY TANY SY NY LOHARANON-KARENA STRATEJIKA**

RAKOTOMALALA Herindrainy Olivier

**MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo